Araka ny didim-panjakana laharana faha-74-174 tamin' ny 7 jona 1974 manalava hatramin' ny 31 desambra 1975 ny fanakatonana ny faritra beazim-boho eny ambanivohitra ao Laniera,
Araka ny didim-panjakana laharana faha-76-006 tamin' ny 11 janoary 1976 anendrena ny Praiminisitra,
Araka ny didim-panjakana laharana faha-76-007 tamin' ny 13 janoary 1976 anendrena ny mambra ao amin' ny Governemanta,
Araka ny tatitra nataon' ny Minisitry ny Fampandrosoana ny ambanivohitra sy ny Fanavaozana ny fizakan-tany,
Eo am-pivorian' ny Minisitra,

Dia mamoaka izao didy izao :

Andininy voalohany. — Ho fampiharana ny andininy faha-11 amin' ny hitsivolana laharana faha-74-022 tamin' ny 20 jona 1974 voalaza etsy ambony, ny faritra beazim-boho eny ambanivohitra ao amin' ny henihenin' i Laniera dia atao faritra fanajariana ny tany.

And. 2. — Araka ny andininy faha-12 amin' io hitsivolana io ihany, ny faritra fanajariana ny tany ao Laniera dia tsy azon' ny olona hakana tany vaovao intsony manomboka ny 1 janoary 1976 ary mandritra ny roa taona.

And. 3. — Ny faritry ny tany hanaovana fanajariana ao Laniera dia mbola izay voatondron' ny andininy faha-2 amin' ny didim-panjakana laharana faha-62-014 tamin' ny 11 janoary 1962 voalaza etsy ambony ihany, izay novana araka ny didim-panjakana laharana faha-62-463 tamin' ny 22 septambra 1962.

And. 4. — Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra mifanohitra amin' izao didim-panjakana izao.

And. 8. — Ny Minisitry ny Fampandrosoana ny ambanivohitra sy ny Fanavaozana ny fizakan-tany, ny Minisitry ny Atitany sy ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetipivoarana no miandraikitra, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao izay havoaka amin' ny **Gazetim-panjakan'** ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 12 aprily 1976.

Didier RATSIRAKA.

Avy amin' ny Filohan' ny Repoblika Demokratika Malagasy :

**Ny Praiminisitra,**

Ny **Colonel** Joël RAKOTOMALALA.

**Ny Minisitry ny Atitany,**

Ny **Lieutenant-Colonel** MAMPILA Jaona.

**Ny Minisitry ny Fampandrosoana ny ambanivohitra sy ny Fanavaozana ny fizakan-tany,**

Pierre RAJAONAH.

**Ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-pivoarana,**

RAKOTOVAO-RAZAKABOANA.

Vu le décret n° 74-174 du 7 juin 1974 prorogeant jusqu'au 31 décembre 1975 la fermeture du périmètre de l'aire de mise en valeur rurale de Laniera,
Vu le décret n° 76-006 du 11 janvier 1976 portant nomination du Premier Ministre,
Vu le décret n° 76-007 du 13 janvier 1976 portant nomination des membres du Gouvernement,
Sur le rapport du Ministre du Développement rural et de la Réforme agraire,
En conseil des Ministres,

Décrète :

Article premier. — En application de l'article 11 de l'ordonnance n° 74-022 du 20 juin 1974 susvisée, le périmètre de l'aire de mise en valeur rurale des marais de Laniera est classé zone d'aménagement foncier.

Art. 2. — Conformément à l'article 12 de la même ordonnance, la zone d'aménagement foncier de Laniera est fermée à toute nouvelle occupation privée à compter du 1er janvier 1976 et pour une durée de deux ans.

Art. 3. — Les limites de la zone d'aménagement foncier de Laniera restent définies par l'article 2 du décret n° 62-014 du 11 janvier 1962 susvisé, modifié par le décret n° 62-463 du 22 septembre 1962.

Art. 4. — Toutes autres dispositions réglementaires contraires au présent décret sont et demeurent abrogées.

Art. 5. — Le Ministre du Développement rural et de la Réforme agraire, le Ministre de l'Intérieur et le Ministre des Finances et du Plan sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au **Journal officiel** de la République.

Fait à Antananarivo, le 12 avril 1976.

Didier RATSIRAKA.

Par le Président de la République Démocratique de Madagascar :

**Le Premier Ministre,**

Le Colonel Joël RAKOTOMALALA.

**Le Ministre de l'Intérieur,**

Le Lieutenant-Colonel MAMPILA Jaona.

**Le Ministre du Développement rural et de la Réforme agraire,**

Pierre RAJAONAH.

**Le Ministre des Finances et du Plan,**

RAKOTOVAO-RAZAKABOANA.

---

## Rano sy Ala ary Fiarovana ny nofon-tany

Noho ny didim-pitondrana laharana faha-1 424-MDRRA/DIR/FOR/Cx nataon' ny Minisitry ny Fampandrosoana ny ambanivoh'tra sy ny Fanavaozana ny fizakan-tany, tamin' ny 4 aprily 1976, dia foanana ary ovana an' izao manaraka izao ny andininy voalohany *(vaovao)* amin' ny didim-pitondrana laharana faha-327-MAP/FOR tamin' ny 8 febroary 1961, novana araka ny did'm-pitondrana laharana faha-973-MAER/PRO tamin' ny 17 marsa 1966 :

«Andininy voalohany *(vaovao)*. — Ho fampiharana ny andininy faha-14 amin' ny hitsivolana laharana faha-60-126 tamin' ny 3 oktobra 1960 mametra ny fitsipika momba ny fihazana, isan-taona ny fihazana eto amin' ny tanin' ny Repoblika Demokratika Malagasy dia hisokatra eo anelanelan' ny vanandro roa tondroin' ny Minisitra miadidy ny Fitondrandraharahan' ny rano sy ala amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana, ka eo amin' ny vanim-potoana manomboka ny 1 mey ary miafara amin' ny voalohan' ny volana oktobra.»

## Eaux et Forêts et Conservation des sols

Par arrêté n° 1 424-MDRRA/DIR/FOR/Cx du Ministre du Développement rural et de la Réforme agraire, en date du 4 avril 1976, l'article premier *(nouveau)* de l'arrêté n° 327-MAP/FOR du 8 février 1961, modifié par l'arrêté n° 973-MAER/PRO du 17 mars 1966 est abrogé et remplacé comme suit :

«Article premier *(nouveau)*. — En application de l'article 14 de l'ordonnance n° 60-126 du 3 octobre 1960 fixant le régime de la chasse, chaque année la chasse sera ouverte sur l'ensemble du territoire de la République Démocratique de Madagascar entre deux dates déterminées par arrêté du Ministre chargé de l'Administration des eaux et forêts, situées dans la période allant du 1er mai au premier dimanche du mois d'octobre inclus.»